SAHANASA 1

# Fahamatorana

Vakio ny Môrmôna 1:2, 15, ary hevero ny hanisy marika ny teny hoe "matotra". (Mety ho azonao raketina an-tsoratra ao amin'ny soratra masinao fa ny hoe matotra dia mety hidika hoe manaja, matotra ary mieritreritra.)

Vakio ity teny nambaran'ny Filoha Boyd K. Packer (1924–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity:



Nahita maodelin'ny fanajana fatratra sy ny tsy fanajana ao amin'ny Fiangonana isika. Raha toa ka olona maro no tokony hoderaina noho ny fanajana fatratra ananany, isika kosa dia mivily lalana amin'ny fanajana fatratra. Tena manana antony hitebitebena mafy isika. . . .

Mety amin'ny tanjon'ny fahavalo ny tsy fanajana amin'ny alalan'ny fanembantsembanana ilay tambazotran'ny fanambarana ao amin'ny saina sy ny fanahy. (Boyd K. Packer, "Reverence Invites Revelation," *Ensign*, nôv. 1991, 22)

- Inona avy no zavatra sasantsasany tokony hoentina am-panajana sy amim-pahamatorana ka tsy amim-panajana no itondran'ny sasany azy?
- Inona avy no fomba sasantsasany anomezan'ny Mpamonjy ohatra amin'ny hoe matotra (manaja, sy matotra, ary mieritreritra)?

SAHANASA 2

# Faingam-pandinika

Vakio ny Môrmôna 1:2 ary hevero ny hanisy marika ny andian-teny hoe "faingam-pandinika".

Vakio ity teny nambaran'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity:



Rehefa faingana amin'ny fandinihana isika dia mijery na mahatsikaritra haingana ary mankatò. Ireo singa fototra roa ireo, ny —fijerena sy fankatoavana—dia zava-dehibe mba ahafahana ho faingana amin'ny fandinihana. Ary ohatra mahatalanjona amin'ny fampiharana io fanomezam-pahasoavana io ny mpaminany Môrmôna. (David A. Bednar, "Quick to Observe," *Ensign*, des. 2006, 32)

- Inona avy no fampianarana hitanao fa manampy amin'ny fahafainganana mahita sy mankatò? Nahoana?
- Inona no torohevitra azonao omena ny namana iray izay mahatsapa fa afaka miandry any aoriandriana kokoa eo amin'ny fiainana ny fankatoavana ny Tompo?
- Tamin'ny fomba ahoana no nanomezan'i Jesoa Kristy ohatra amin'ny fahafainganam-pandinika?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.
PD60013873_654_441-teacher_handout-1
PD60013873_654_441-teacher_handout-2